Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Avril 2014

I. Teny mahavelona

MPIANATRA MAHAY MITIA

Evanjely tamin'i Md Lk 6,27 – 38

Fa izao no lazaiko aminareo izay mihaino ahy: Tiavo ny fahavalonareo, manaova soa an'izay manakahala anareo, misaora an'izay manozona anareo ary mivavaha ho an'izay manisy ratsy anareo. Raha misy mamely ny takolakao anankiray, dia atolory azy koa ny ilany; ary raha misy maka ny lambanao, aza sakanana na halainy mbamin'ny akanjonao aza. Omeo izay rehetra mangataka aminao, ary raha misy mifaoka ny anananao, dia aza mitaky izany aminy intsony.
Izay tianareo hataon'ny olona aminareo, no mba ataovy amin'ny olona koa. Raha izay tia anareo ihany no tianareo, fankasitrahana inona no tokony ho anareo? Fa na dia ny mpanota aza tia izay tia azy koa. Raha izay manisy soa anareo ihany no asianareo soa, fankasitrahana inona moa no tokony ho anareo? Fa na dia ny mpanota aza mba manao toraka izany ihany koa. Ary raha izay antenainareo hanonitra ihany no ampisamborinareo, fankasitrahana inona moa no tokony ho anareo? Fa na dia ny mpanota koa aza, mampisambotra ny mpanota ihany, mba handraisany toraka izany. Fa hianareo kosa, tiavo ny fahavalonareo, manaova soa ary mampisambora tsy manantena valiny: dia ho lehibe ny valisoanareo, ary hianareo ho zanaky ny Avo indrindra, dia ilay tsara fo amin'ny tsy mpankasitraka sy ny ratsy fanahy.
Aoka ho mpamindra fo tahaka ny Rainareo mpamindra fo hianareo. Ary aza mitsara, dia tsy hotsaraina hianareo; aza manameloka, dia tsy hohelohina hianareo; mamelà, dia havela hianareo. Manomeza, dia homena hianareo; fatra tsara, mifatratra, sady mihintsana no avo loha no homena ho ao am-pofoanareo: fa izay famarana namaranareo ihany no hamarana ho anareo koa.

Fandinihana

Miditra amin'ny tena zavatra manan-danja I Jesoa: mbola ao amintsika ny fototry ny ratsy. Marina tokoa fa ny fomba firafitra tsy marina manakana antsika hiaina sy manova endrika antsika; tsy misy fiokona, n'inona n'inona zava-tsoa entiny, tsy afaka hampijoro fiaraha-monina tsy misy herisetra raha tsy miova ny olona. Mampianattra antsika lalam-pahamatorana sy fahafahana i Jesoa.
Mila mibebaka noho ny tenin'i Jesoa ny rehetra. Nanana tombony teo anatrehan'i Jesoa ireo mahantra sy ireo voailikilika nefa tsy midika hoe tsara noho ny hafa izy ireo fa nangoraka azy ireo Izy. Maneho ny famindrampony amin'ireo izay tena mahantra Andriamanitra. Manome fanantenana sy fahafahana tanteraka ho an'izay tsy manana an'izany intsony. Tsy hoe tsy mahalala n'inona n'inona ireo voailikilika na dia miaina

ao anatin'ny tahotra sy fanavakavahana, sy lian-tombotsoa avy amin'ny mpamoritra izy ireo, raha toa ka nahazo herin-tsaina afaka nanova an'izao tontolo izao. Ary tsy ho afaka na oviana na oviana ireo voailikilika raha tsy matoky tanteraka an'Andriamanitra. Ho afaka mifampanaiky sy manaiky ny làlana mizotra mankany any amin'ny fihavanana anjakan'ny fahamarinana.

Tiavo ny mankahala anareo: efa heno ombieniombieny ireto teny ireto. Ary manana ny lanjany amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra izy. Raha tsy manintona ny antson'I Jesoa ary raha tsy antso mety hanohina dia manomboka eo dia tsy ho toriteny ao anaty lasapely fotsiny fa hanova ny fomba fitsara eo amin'ny fisian'ny ankohom-piainana Kristianina hanasitrana ireo tahotra sy hahatonga azy ho resy lahatra ary lasa fandrahonana ho an'ny rafi-piarahamonina voarindra aza. Efa tany am-piandohan'ny fitorian-teny tany Galilea dia efa fantatr' i Jesoa izany atao hoe fankahalana sy fanenjehana izany avy amin'ireo manodidina azy. Teny tokana no ilazany izany dia ny hoe: "Tiavo izay mankahala anareo"

Fotoana fandinihanao mangina

✫ Amin'ny fiainanao, misy tranga-javatra sy olona izay mila famelana avy aminao, ka mitady anao hanao raharaham-pihavanana aminy. Ilazao tranga-javatra iray na olona iray izay tsy tianao ny miresaka aminy, ary tsapanao fa tokony hangataka fifonana aminao izy.

✫ Angatahin'i Jesoa amintsika ny mba hitiavantsika ny olona rehetra, eny fa na dia ny fahavalontsika aza. Ho anao, inona no hataonao? Lazao ny dingana tokony hataonao.

II. Vatsy

Toritenin'i papa Fransoà nadritra ny lamesa natao tamin'ny JMJ faha-XXVIII ny 28 joilay 2013

Ry rahalahy sy anabavy malala, ianareo tanora malala!

"Mandehana ary ataovy mpianatro ny mponina rehetra". Amin'ireo teny ireo, no itenenan'i Jesoa amintsika tsirairay avy hoe: "mahafinaritra izany mandray anjara amin'ny JMJ izany, miaina miaraka amin'ireo tanora avy amin'ny lafy valon'ny tany ny finoana, kanefa tsy maintsy mandeha ianao izao ary mampiely amin'olon-kafa izany andra-piainana izany". Miantso anao i Jesoa mba ho tonga mpianany ianao amin'ny fitoriana! anio, amin'alalan'ireo vakiteny vao norenesintsika teo, inona no ambaran'ny Tompo amintsika? Teny anankitelo: *Mandehana, Tsy matahotra, Mba hanompo*.

1. *Mandehana*. Tamin'ireto andro ireto, teto Rio, afaka niaina ny andram-piainan'ny fihaonana tamin'i Jesoa ianareo ary dia niara-nihaona taminy niaraka, tsapanareo tamin'izany ny hafalian'ny finoana. Fa tsy azo asitrika eo amin'ny fiainanareo velively na koa amina vondrona paroasy kely na amin'ny fikambanana ihany koa anefa izany andram-piainan'izany fihaonana izany. Toy ny hoe manaisotra oksizenina amin'ny afo mirederada raha manao an'izany. Lelan'afo ny finoana, vao mainka miredareda hatrany rehefa zaraina, aely hatrany, mba hofantatry ny rehetra, mba hitiavana sy hinoana an'i Jesoa Kristy a Izy no Tompn'ny fiainanana sy ny tantara (jereo *Rm* 10,9).

Tandremo, anefa fa! Tsy niteny velively toy izao i Jesoa: raha tianareo, raha manam-potoana ianareo, fa izao kosa no nolazainy: "Mandehana ary ataovy tonga mpianatro ny mponina rehetra". Mizara ilay andram-piainan'ny finoana, mijoro ho vavolombelon'ny finoana, mitory ny Evanjely dia samy iraka nankinin'i Tompo tamin'ny Fiangonana manontolo avokoa izany, aminao ihany koa; baiko izany, izay, tsy avy amin'ny fitiavana hanjaka velively akory, na fitiavam-pahefana ihany koa, fa avy amin'ny herin'ny fitiavana, avy amin'ny fihetsik'i Jesoa tonga niara-monina tamintsika ka tsy nanome zavatra avy aminy ho antsika akory, fa nanome ny tenany mihitsy, nafoiny ny ainy mba hamonjeny antsika sy hanehoany amintsika ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famindram-pony. Tsy noheverin'i Jesoa ho andevo isika, fa noheveriny kosa ho olona afaka, ho sakaiza, ho rahalahy; tsy vitan'ny hoe mandefa antsika Izy, fa mbola manontrona antsikaihany koa, eo akaikitsika mandrakariva amin'izany asam-pitiavana izany.

Fa aiza àry no anirahan'i Jesoa antsika? Tsy misy fetrany, tsy misy farany ihany koa: irahiny ho any amin'ny rehetra isika. Tsy ho an'olona sasantsasany manko ny Evanjely fa ho an'ny rehetra tsy ankanavaka. Tsy ho e akory ho an'ireo izay heverintsika fa akaikitsika ihany koa, mora mahazo, mora mandray. Ho an'ny rehetra izany. Aza matahotra ny handeha sy hitondra an'i Kristy amin'ny toerana rehetra, eny ka hatrany amin'ny toerana lavitra indrindra, na dia amin'ireo toerana heverina ho lavitra indrindra, toerana tsy miraharaha akory. Tadiavin'ny Tompo ny olombelona rehetra, tiany mba hahatsapa ny hafanan'ny famindram-pony sy ny fitiavany ny rehetra.

Fa indrindra indrindra, tiako raha ity irak'i Kristy hoe: "Mandehana", mba hitamberina hatrany ao aminareo ry tanoran'ny Fiangonana aty Amerika Latinina, mikely aina amin'ny asam-pitoriana ato amin'ny kontinanta izay irin'ireo eveka. I Bresil, ny Amerika Latinina, izao tontolo izao dia mitady an'i Kristy avokoa! Hoy i masindahy Paoly hoe: «Loza ho ahy raha tsy mitory ny Evanjely aho!» (*1 Kor* 9,16). Nandray ny fitoriana ny Evanjely ity kaontinanta ity, izay hita taratra amin'ireo dingana vitany sy nahitam-boka-tsoa ihany koa. Ankehitriny ankinina aminareo izao izany asam-pitoriana izany, mba hanakoako amin'ny fomba vaovao. Mila anareo ny Fiangonana, ny fahavitrihana, ny fahiratan-tsaina sy ny hafaliana izay mampiavaka anareo. Mbola vao sivy ambin'ny folo taona monja ny olon-tsambatra José de Anchieta ilay apostoly lehiben'ny Brezila no nanapa-kevitra ny hitory ny Evanjely taty. Fantatrareo ve inona ilay fitaovana mahomby hoentina mitory ny Evanjely ry tanora? tanora anankiray hafa koa. Io no lalana arahina manomboka aminareo tsirairay avy!

Fandalinana

Tanora misionera ianao, koa mialoha ny hiasanao, inona daholo ny zavatra tsy maintsy fantatrao mialoha.

Nahoana no manankina ity asam-pitoriana ity amin'ny tanora ny Papa?

Misy tanora hafa, mpitory ny Evanjely, ankoatra ireo nolazain'i Papa, milaza anankiroa ary ary tantarao kely ny fomba nitoriany an'izany Evanjely izany?

Fandalinana

1. Tanora misionera ianao, koa mialoha ny hiasanao, inona daholo ny zavatra tsy maintsy fantatrao mialoha
2. Nahoana no manankina ity asam-pitoriana ity amin'ny tanora ny Papa?
3. Misy tanora hafa, mpitory ny Evanjely, ankoatra ireo nolazain'i Papa, milaza anankiroa ary ary tantarao kely ny fomba nitoriany an'izany Evanjely izany?

III. Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco

Ny fanabeazana Salezianina sy ny fanabeazana netim-paharazana

…Ataontsika fampitahana amin'ny tableau ary ny fanabeazana malagasy nentin-drazana sy ny fanabeazan'i don Bosco ka isika no handinika ny hitovizany sy ny maha samihafa na ny zavatra mety ilain'ny fanabeazana salezianina ao amin'ny fanabeazana nentin-drazana. Ahoana ary no azo hamaritana an'ireo andry telon'ny fanabeazan'i don Bosco teo amin'ny Malagasy?

Ho raisintsika ary ny hodinihintsika manaraka indray ary ny ny Sazy :

NY SAZY (les châtiments)	
NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY EO AMIN'NY FIAINANA ANDAVANANDRO	FANABEAZAN' I DON BOSCO
Ny fomba nanehoan'ny Malagasy ny fitiavan'ny mpanabe ny beazina - Ny fananarana amin'ny alalan'ny kapoka na ny famaizana « zanaka tiana tsy itsitsiana rotsakazo ». « tsy misy mamy nohon'ny zanaka fa raha manaiky babena akifika » - Fananarana amin'ny alalan'ny angano. - Olon'ny fo ny malagasy ka mora mangoraka. Hita taratra teo amin'ny fifandraisan'ny mpanabe sy ny beazina izany. - Amin'ny alalan'ny tambitamby sy fikarohana izay mahasoa an'ilay beazina ny fitiavany. Ireo beazina kosa dia mamaly izany amin'ny alalan'ny fanekena sy fankatoavana ary fanajana. Amin'ny alalan'ny fifanakalozan-kevitra, fifanajana, fanomezana teny mamy,	« Miteny aminareo mivantana aho fa tena tsy tiako ny mandroaka na manome sazy na ho an'ireo izay tena mafy loha aza. Tsy mba izany ny « système préventif homeko anareo .Na dia manao ratsy aza ny iray aminareo dia hanariko izy . Eny fa na dia tsy maintsy manasazy ny iray aminareo aza aho dia izaho no mijaly mialoha. Satria mampalahelo ahy ianareo satria manimba ny hafa. » Tamim-panajana sy fifampitokisana ary firalahiana ny fifandraisana nisy te amin'ny mpanabe sy ny beazina. >tsy nisy fanasaziana teo imasom-bahoaka fa nantsoina samirery ny diso ary novahana ny olana. Bosco dia tsy niteny loatra mikasika ny iana fa nadikany hoe fanitsiana. - Ilaina ny fitsipika fa natao hanasoa ny tanora; ny fitsipika natao hiarovana ny ratsy mialoha. Ampiasaina ity fitaovana ity fa miaraka amin'ny fisainana sy fitiavana mba

fifampizarana tsiambaratelo, fifanomezam-boninahitra, tsy fanavakavahana, tsy fifidianana tavan'olona, tsy mifidy saranga.	hitondra soa. - I don Bosco tsy nanasazy mihitsy raha tsy efa afa-nenina nanao izay fomba rehetra tsy ahatongavana amin'izany, ary nanazava ny anton'ny "fanitsiana". - Fady taminy ny mikasi-tanana ny ankizy na ny tanora beazina.Soso-kevitra vitsivitsy ary manoloana ny fanasaziana: ➲ Ampiasaina ny fomba hafa rehetra alohan'ny fanasaziana ➲ Mijery ny fotoana mety hanasaziana ary tsy atao imason'ny namany Tsy maintsy mampiasa ny saina sy ny hamamiam-pitiavana ary ny fivavahana alohan'ny hanasazy

Fandinihana *: (ny sazy)*

1. *Lafiny inona eo amin'ny fomba fanabeazana Malagasy no tena mifanohitra amin'ny Système Préventif" raha ny sazy no jerena ?*

2. *Raha sazy no jerena inona no mahomby kokoa na maha resy lahatra anao kokoa: ny fomba fanabeazana malagasy sa ny sazy araka ny hevitr'i don Bosco? Hazavao ny valin-teninao*